

DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fitaovana Ampiasain'Andriamanitra

Voavidy tamin'ny sarany aho; an'Andriamanitra aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny Baiboly dia mampianatra fa ny vatana ara-nofo dia tempolin'ny Fanahy Masina, ary rehefa maty teo amin'ny hazo fijaliana i Jesosy sy nandatsaka ny Rany dia nanavotra ny vatantsika ho fanampin'ny fanahintsika sy ny sainantsika Izy. Azy tanteraka isika — fanahy sy saina ary vatana.

Manana fahalianana amin-kitsimpo amin'ny vatantsika Andriamanitra ary manana tanjona manokana. Ny vatana dia tokony ho tempolin’ny Fanahy Masina (jereo 1 Korintiana 6:19). Izy io dia ny toerana ao amin’ny olona izay itoeran’ny Fanahy Masina. Milaza amintsika ny Baiboly fa tsy mitoetra ao amin’ny tempoly nataon-tanana Andriamanitra (jereo ny Asan’ny Apostoly 7:48). Afaka manangana fiangonana, synagoga, na tabernakely araka izay itiavantsika Azy isika, saingy tsy hitoetra ao Andriamanitra. Nifidy ny hitoetra ao amin’ny vatan’izay mino Azy Andriamanitra. Noho izany, ny tenan’ny mpino dia manana andraikitra lehibe amin’ny maha-fonenan’ny Fanahy Masina azy.

Ankoatra izany, i Paoly dia nanazava izany momba ny rantsambatana misy antsika:

> “Ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin’ny ota ho fiadian’ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an’Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian’ny fahamarinana ho an’Andriamanitra. (Romana 6:13)

Ny rantsambatana samihafa amin'ny vatana dia natao ho fitaovana (na fiadiana) azon'Andriamanitra ampiasaina. Tsy antsika ireny; an'Andriamanitra izy ireo. Tokony hanolotra azy ireo amin’Andriamanitra isika.

Mitombina sy miharihary fa tian’Andriamanitra ho tsara ny “Fiadiany”, fa tsy ho simba na ho rava. Tiany ho salama ny vatantsika ary ny momba ny tenantsika ho matanjaka sy mahomby ary mavitrika, satria rantsam-batan’i Kristy ireo. Amin’ny lafiny iray, i Kristy dia tsy manana vatana eto an-tany afa-tsy ny antsika. Ny vatantsika no fitaovana ampiasain’Andriamanitra mba hanatanterahana ny Sitrapony

© 2008 - Dries Du Plessis

eto an-tany. Lasa resy lahatra aho fa manantena antsika Andriamanitra mba hihazona ny vatantsika ho matanjaka sy ho salama araka izay tratrantsika.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa nividy ahy Ianao. Manambara aho fa ny rantsambatana amin’ny vatako dia fitaovana azon’Andriamanitra ampiasaina ary atolotro Azy izany. efa olom-boavidy aho; An'Andriamanitra aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-191-MLG

Nohavaozina farany: 13 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

